

18 MAY 2010.

5 Sivan 5770.

Ny toetra roa an'i Kristy

"Izay, na dia nanana ny endrik'Andriamanitra aza, dia tsy nataony ho zavatra hofikiriny mafy ny fitoviana amin'Andriamanitra, "ary rehefa hita fa nanan-tarehy ho olona Izy, dia nanetry tena ka nanaiky hatramin'ny fahafatesana, dia ilay fahafatesana tamin'ny hazo fijaliana"(Filipiana 2: 6, 8)

Aoka hitandrina mafy ny amin'ny fomba izay hilazanareo ny maha olombelona an'i Kristy. Aza aseho eo anatrehan'ny olona Izy toy ny izay olona manana fironana ho amin'ny ota. Izy no ilay Adama faharoa. Ilay Adama voalohany dia nohariana tsy nisy tsiny, tsisy ota; tsy nisy pitina fahotàna na kely akory aza. Endrik'Andriamanitra izy. Afaka latsaka amin'ny fahotàna sy ny fandikàna lalàna izy. Noho ny fahotàna dia teraka miaraka aimn'ny fironana voa-janahary ho amin'ny fahotàna ny taranany .Fa Jesosy Kristy kosa dia zanak'Andriamanitra. Noraisiny teo Aminy ny maha olombelona ka nalaina fanahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka ny olombelona Izy. Azony natao ny nanota, azony natao ny latsaka tamin'ny fahotàna saingy na fotoana iray monja aza. Tsy nisy fironana ratsy ho amin'ny fahotàna tao Aminy. Tototry ny fakam-panahy Izy tany an'efitra tahaka an'i Adama tao Edena.

Idiviro ny resaka momba ny maha olombelona an'i Kristy izay mety hofakafakaina amin'ny heviny diso. Ny fahamarinana dia saika mitovitovy amin'ny fanoharana. Ilainao ny mitandrina lalina raha miresaka momba ny maha olona an'i Kristy ianao mba tsy horaisina ny fanambaranao mihoatra noho ny tianao hambara ka hanary na hanamaizina ny fahalalàna mazava ny maha olombelona an'i Kristy miaraka amin'ny maha Andriamanitra Azy. Ny nahaterahany dia fahagagàna avy amin'Andriamanitra satria hoy nu anjely hoe: *"Ary, indro, hitoe-jaza ianao ka hiteraka zazalahy, ary ny anarany dia hataonao hoe Jesosy. Izy ho lehibe ka hatao hoe Zanak'ny Avo Indrindra; ary Jehovah Andriamanitra hanome Azy ny seza fiandrianan'i Davida rainy; ary hanjaka amin'ny taranak'i Jakoba mandrakizay Izy; ary ny fanjakany tsy hanam-pahataperana. Ary hoy Maria tamin'ilay anjely: Hanao ahoana re no hahatanteraka izany, fa tsy mahalala lahy aho? Ary ilay anjely namaly ka nanao taminy hoe: Ny Fanahy Masina ho tonga ao aminao, ary hisy herin'ny Avo Indrindra hanaloka anao; koa ny Masina Izay hateraka* dia hatao hoe Zanak'Andriamanitra."* (Lioka 1 : 31-35)

Tsy nisy na iza na iza olona nilazàna Ireo teny ireo, afa tsy ny Zanak'Andriamanitra tsy voafetra. Na oviana na oviana , na amin'ny fomba ahoana dia aza manisy saina hoe nisy fahalotoana na fitongilanana ho amin'ny ratsy tao amin'i Kristy, na koa latsaka tamin'ny fakam-panahy Izy. Nalaim-panahy tamin'ny zavatra rehetra tahaka ny olona alaim-panahy Izy kanefa dia nantsoina hoe " ilay Zaza Masina" Zava-miafina mitoetra tsy voavaha ho an'ny mety maty izany hoe nalaim-panahy Kristy kanefa tsy latsaka tamin'ny fakam-panahy izany. Ny nahatonga nofo an'i Kristy dia zavatra nahagaga ary hijanona hotoy izany. Izay naseho dia ho antsika sy ny zana-tsika, saingy aoka hitandrina ny olona tsirairay hihevitra an'i Kristy ho mitovy tanteraka amin'ny olona tahaka ny iray amin-tsika satria tsy ho toy izany no izy. Tsy ilaina ny mahafantatra ny fotoana marina nihaonan'ny maha Andriamanitra sy ny maha olombelona. Tokony hametraka ny tongo-tsika ao amin'ilay Vatolampy Jesosy Kristy isika izay Andriamanitra naseho teo amin'ny olombelona.

Mahatakatra loza ny amin'ny famakafakàna io loha-hevitra mikasika ny maha olombelona an'ny Zanak'Andriamanitra tsy voafetra io aho . Nanetry tena izy raha nahita fa lasa endrik' olombelona mba hahatakatra ny herin'ny fakam-panahy rehetra izay manafika ny olona.

Nianjera ilay Adama voalohany, ilay Adama faharoa kosa dia nifikitra tamin'Andriamanitra sy ny Teninyteo anatrehan'ny toe-javatra mampangitakitaka ary ny finoany ny fahatsaram-po, ny famindram-po sy ny fitiavan'ny Rainy dia tsy nihozongozona na iray segondra aza. "Izao no voasoratra " no fiadiany ho fanoherana ary io no sabatry ny fanahy izay tokony hampiasain'ny olona tsirairay. " Tsy hilaza n'inon'inona aminareo intsony Aho satria avy ny andrianan'izao tontolo izao ary tsy manana na inona na inona eto Amiko izy", n'inon'inona izay mamaly ny fakam-panahy. Na tamin'ny fotoana inona na tamin'ny fotoana inona dia tsy namaly ireo fakam-panahy marobe nalefan'i Satàna Izy hanome vahana azy. Tsy nahita n'inon'inona tao Aminy Satàna izay nanome hery azy handroso.

Ellen G. White *Lettre* 8 1895

